## NY TENY FIAINANA


Ny Baiboly Malagasy

*"Kanefa tsy mahalala ny ho ampitso hianareo. Inona moa ny ainareo? Fa zavona ihany hianareo, izay miseho vetivety, dia levona."*

***Jakoba 4:14***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Kianja Barea : Iazaina fa manara-penitra nefa tsy nasiana tafo



**Les Indignés de Madagascar 974 :** adinon'ny Sinoa ny nametaka tafo ? Sa izao tsy misy tafo izao no manara-penitra @ i Dedaka ? Sa rehefa maromaro loko sy mandany jiro manaitaitra d mety @ Malagasy ? Nefa dia 77 M $ no volam-bahoaka (fa tsy an'ny FIFA hono e), nolaniana t@ io stade municipal Mahamasina io.

Ankoatran'ny mpitondra sy ny fianakaviany izay voky hatrany an-tenda keliny dia mbola mitofezaky ny hanohanana ny ankamaroan'ny Malagasy, mahantra, very asa. Tsy ny any Atsimo ihany no kere.

Ho avy indray izao ry fako @ hoe : "ajanona daholo izany ny fiainam-pirenena amonjena ny kere ?" Valiny : ENY. Ny aina no sarobidy kokoa noho ny fanatanjahantena sy ny werawera.

Dia eo koa ny hilaza hoe : "Tsy vao izao no nisy kere". Valiny : nisy kere tany aloha fa teo anelanelan'ny 2017 sy 2019, TSY NISY MATY satria nisy VATSY FIAVOTA nomena ny vahoaka tany Atsimo, ividianany sakafo kely, amonjena ny ainy. Nahodina aty Antananarivo sy Toamasina ny vola nanaovana an'io t@ 2020, ka izany no nahatonga ny fitomboan'ny olona MATIN'NY KERE nanomboka t@ herintaona.

Efa nanomboka t@ fomba manetriketrika ny fihetsiketsehana nataon'i Mialy Rajoelina tany Atsimo herinandro maro lasa izay... fa MBOLA MISY MATY IHANY E.

@izao izany dia io kianja tsy hihinanankanina io indray no mahamaika. Efa vita iny ny Colisée, nitondra inona any am-bilany ? Loza mifanesy aza no naterany...

Farany : jereo @ sary izato HAIZINA manodidina an'Antananarivo. Io stade io no midorehitra fa teo akaiky teo dia nisy narary MATY noho ny fahatapahan-jiro. Ontsa aminao aho ry fireneko. Sendran'izay mpitondra médiocrates.

Ry Dedaka milaza fa tsy volan'ny FIFA io. Donc VOLAM-BAHOAKA fa tsy volan-dRajoelina akory, ka tsy misy antony isaorana azy.

**Jericho Rakoto :** stade any Comores, livré t@ Mai 2019, 14 millions de dollars. Misy tafo. Mahamasina taloha koa nisy tafo.

**Fredis Ran'Ginoh :** enao mihintsy no marivo saina, faly mitsikera fotsiny nefa tsy mahavita nininona akory, rah enao no teo amin' n toerany, mikarakara ny tokantranonao aza tsy vitanao akory koa ny zavatra ataon' ny olona ery no kianina, mba wa misaina fa olon- dehibe, raha hendry enao tokony mankasitraka ny zava-misy, fa tsy faly manakiana fotsny.

**Richard Richard :** Fredis Ran'Ginoh : ao anaty teti-bola ny tafo, tsy lokoina lôranjy.

**Les Indignés de Madagascar 974 :** izay manana 77 M $ mahavita daholo. Fa ny fanontaniana mipetraka eto no mila valiana. Tsy izahay no mitondra fa ry Dedaka. Ary raha misy 77 M $ dia vonjeo aloha ny kere, fa kianja tsy hihinanan- kanina, ny olona noana sy kere no maika.

**Fredis Ran'Ginoh :** Les Indignés de Madagascar 974 : zao ary e, raha toa ka enao no eo amin' ny toerany: inona no tetikasa mba ho vitanao, ny fandrosoan'ny firenena no mampandroso ny vahoaka ao anatiny fa tsy ny fandrosoan'ny vahoaka akory no mampandroso firenena.

**Max H. Rabe : Fredis Ran'Ginoh :** diso fijery nareo: ny vahoaka salama afaka miasa no mampandroso ny firenena.

**Rivo Mamaivo :** mametraha fialana aloha Rajoelina hitondran'ny mahay azy ny fitondrana. Ry Rajoelina sy ny forongony efa hita fa tsa mahavoa raha e !

**Les Indignés de Madagascar 974 :** ilay tribune taloha teo Mahamasina aza mba nisy tafo. I Dedaka, manao stade en 2021... dia adinony ny nanisy tafo. Veeeendrana ka. Kôzy e.

**Faly Rabenaivo :** Madagasikara mihitsy no tsisy tafo sy rindrina mibanaka be, pays du moramora.

**Vincent Rakotobearisoa :** ny kianja teo Mahamasina teo aloha aza nisy tafo, ity vao vita kosa, tsy manara-penitra araka ny filaza azy, satria tsy misy tafo.

### CAN Handball vehivavy 2020-2021

## Raikitra ny lalao, mandray anjara ny Malagasy

Raikitra ary nanomboka tamin'ny talata 08 jona lasa teo, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 13 jona 2021 ny fifaninanana CAN Handball vehivavy 2021, izay tontosaina any Yaoundé renivohitr'i Cameroun. Ekipa 11 tamin'ireo 12 voatondro mialoha no mandray anjara amin'ny fifaninanana, fa nitsoaka an-daharana tamin'ny fotoana farany ny ekipa vehivavy Alzeriana. Toy izao ny vondrona misy an'ireo ekipa 11 ireo : Groupe A : Sénégal, Tunisie, Guinée Conakry, Madagascar. Groupe B : RD Congo, Cameroun, Nigeria, Kenya. Groupe C : Angola, Congo, Algérie, Cap-Vert. I Madagasikara dia sambany no mandray anjara amin'ity fifaninanana ity. Toy izao ny fandaharampotoanan'ny fifaninanana anio alakamisy sy rahampitso zoma : 10/06/2021: 16h00: RD Congo – Kenya. 18h00 Cameroun – Nigeria. 11/06/2021: 14h00: Madagascar – Tunisie. 16h00 Cap vert – Congo. 18h00: Guinée – Sénégal.




*CAN handball 2020-2021.*

***Rainilita***

### Baolina kitra

## Matotra ny fiarahan'ny Barea sy Eric Rabesandratana

Andro faharoa amin'ny fampivondronana-fiofanana ataon'ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra, ny Barea an'i Madagasikara ny andron'ny omaly, eny amin'ny kianjan'i Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo. Ny fijerena akaiky ny mikasika manontolo an'ireo mpilalao nantsoiny handrafitra ny BAREA, ka namaly ny antso tonga eto Madagasikara no ifantohan'ny fampivondronana voalohany an'ity ekipa ity, izay tantanan'ny mpanazatra Eric Rabe, na Eric Rabesandratana ankehitriny. Ho fanomanana ny lalao fifanintsanana hahazoana miatrika ny « Coupe de monde 2022 » hatao any Qatar no tena andraikitra nankinina amin'ity mpanazatra ity. Tamin'ny alatsinainy teo no nigadona eto Madagasikara i Eric Rabesandratana sy ireo « staff » miaraka aminy ary tonga dia nikatroka tamin'ny fitarihana ny fanazarantena matotra ho an'ireo mpilalao tonga eto an-toerana. Amin'ny sabotsy 12 jona 2021 ho avy izao dia hisy ny lalao fitsapana hifanandrinan'ireo samy mpilalaon'ny Barea ao anatin'ny fampivondronana. Efa naneho ity mpanazatra ny ekipam-pirenena Malagasy ity, fa tsy miditra amin'ny disadisan'ny Federasiona izy, fa ny ekipam-pirenena no andraikiny, ary izay no hitondrany ny traikefany. Samy miandrandra azy, hahatafita ny Barea amin'ny dingan'ny famaranan'ny Mondial 2022 any Qatar ny rehetra, na ho sarotsarotra ihany aza izany.



*Ny Barea miaraka amin'i Eric Rabesandratana.*

***Rainilita***

### Festival Get Into Rugby

## Any Toamasina ny hetsika manaraka

Any Toamasina no hanatanterahana ny hetsika "Festival Get Into Rugby" manaraka eto amintsika eto Madagasikara, ka ao amin'ny kianja Ceg Ratsimilaho Toamasina no hanatanterahana an'izany. Tetika noforonin'ny World Rugby hoentina mampiroborobo ny taranja rugby maneran-tany ny Get Into Rugby, ka anisan'ny manaraka an'izany isika eto Madagasikara. Ankizy sy tanora mahatratra 230 : 50 vehivavy ary 180 lehilahy, no handray anjara amin'ny hetsika. Raha ho an'i Toamasina manokana dia efa tsapa ho miroborobo fatratra ankehitriny ny fampianarana an'ity taranja ity any antoerana, fa efa manana Academy de rugby ity tanàna ity ankehitriny ary efa tena betsaka tokoa ankehitriny ny vehivavy liana amin'ity taranja baolina lavalava ity any antoerana.



*Hetsika fampianarana rugby.*

***Rainilita***